



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-260

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY MOMBA NY  
VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-005/2023 TAMIN'NY 12 APRILY 2023  
"PORTANT REFONTE DU CODE MINIER"

Fivoriana faha-21  
Natao ny  
Alarobia 7 Jona 2023  
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa HENRI Jean Michel

**FOTOANA:** Alarobia 7 Jona 2023, tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany momba ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2023 tamin'ny 12 Aprily 2023 "portant refonte du code minier".

Nitohy ny Alarobia 7 Jona 2023 tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa HENRI Jean Michel no nanatontosa izany.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatanterahany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Taorian'izay, nisy ny hafatra nampitainy momba ny tsy fahafahan'ireto Minisitra manaraka ireto hanatontosa ny adihevitra mikasika ny tatitry ny asa vitany izay tokony hataony rahampitso Alakamisy 8 Jona 2023 ka nangatahan'izy ireo fanemorana izany:

- Ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola; ahemotra ny Alakamisy faha-15 Jona 2023 ny anjarany noho ny tsy mbola maha eto an-toerana azy.
- Ny Ministry ny Fiarovam-pirenena, ahemotra ny Zoma faha-9 Jona 2023 koa ny fifanatrehana amin'ny Solombavambahoaka satria tsy afaka izy rahampitso Alakamisy.

Nambarany koa fa araka ny fangatahan'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana eto amin'ny Antenimierampirenena, hisy fivoriana hataon'ny mpikambana amin'io Vaomiera io androany amin'ny 4 ora, tolak'andro, mba hanomanana ny fifanatrehana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta hatao rahampitso sy afakampitso. Izany hoe, iangaviana izay mpikambana amin'io Vaomiera io mba ho tonga hivory.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra fanindroany momba ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2023 tamin'ny 12 Aprily 2023 "portant refonte du code minier".

Nomarihany fa efa nolania tamin'ny faha-12 Mey 2023 ity volavolan-dalàna ity saingy nisy andininy nitondran'ny Antenimierandoholona fanitsiana sy fanovàna, ka izao miverina eto

amin'ny Antenimierampirenena izao mba hodinihana sy handraisana fanapahan-kevitra fanindroany indray.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Tsy tonga ny Mpampakateny, ka Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata 6 Jona 2023 tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Harena Stratejika, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika fanindroany ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2023 tamin'ny 12 Aprily 2023 «portant refonte du code minier» rehefa avy nampandalovina tany amin'ny Antenimierandoholona.

Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Filohan'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1-MOHAMAD Ahmad
- 2-ZAFINADRO Perle Bien Aimée
- 3-RAZAMANANTSOA Hanitriniana
- 4-MAMIHAJA Charlot
- 5-VONINAHITSY Jean Eugène

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène

Tsy nisy tonga nivory ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana sy ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Harena ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                             |                        |
|-----------------------------|------------------------|
| 1-RAKOTOALISON H. Bienvenue | Collaboratrice SG/MMRS |
| 2-RABEDAORO Rija            | MMRS/CT                |

Ireto avy ireo ankolafin-kery nasain'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                               |                             |
|-------------------------------|-----------------------------|
| 1-RANDRIANATOANDRO Rado       | VP FOMM                     |
| 2-LALANIRINA Rasoanandrianina | Conseillère exécutive OSCIE |
| 3-RABENANDRABANA Clément      | OSCIE                       |
| 4-RAZAFIMANIRY Edmond         | Maire Beforona              |
| 5-RATSIMBA Rabejaona Nadia    | OSCIE/Msis-TATAO            |

6-RANDRIANOROSOA Amihonivelo  
7-RATSIMBAZAFY Emée

AIMIMA  
OSCIE

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanasa ireo Solombavambahoaka avy hatrany handinika ireo fanovàna sy fanitsiana tsy nampitovy hevitra ny Antenimiera roa tonta araky ny fepetra takian'ny andininy faha-137-n'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, andalana faha-2 sy faha-3 izay milaza fa «Voafetra ho amin'izay tsy nahavitan'ny Antenimiera roa tonta namoaka rijan-teny tokana ny adihevitra isan'andininy.

Noho izany, ny andininy nolanian'ny Antenimiera andaniny sy ny ankilany ho amin'ny rijan-teny iraisana dia tsy azo anaovana fanitsiana izay mitsikera indray ireo fepetra nolaniana na mivantana na amin'ny fanampiana tsy afa-miaraka».

Ireto avy ireo andininy nitondran'ny Antenimierandoholona fanovàna: andininy faha-23, andininy faha-31, andininy faha-76, andininy faha-211, andininy faha-283, andininy faha-290, andininy faha-320, andininy faha-333, Toko faha-7 (Vaovao) ary ny andininy faha-431 bis (vaovao).

Taorian'ny adihevitra nataon'ny mpikambana avy ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika dia tapaka fa nankatoavina ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona teo amin'ny andininy faha-283 sy ny Toko faha-7 vaovao sy ny andininy faha-431 bis (vaovao). Ny andininy faha-23, faha-31, faha-76, faha-211, faha-290, faha-320, faha-333 kosa nolavin'ny Vaomiera mpanapakevitra.

Araka izany, naverin'ny mpikambana avy ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika tamin'ny endriny izay nolanian'ny Antenimierampirenena ireo andininy nitondrana fanovàna izay voalaza teo aloha ireo. Hita mantsy fa ny fanovàna rehetra nentin'ny Antenimierampirenena dia vokatry ny fifanakalozan-kevitra izay nisy teo amin'ny Solombavambahoaka sy ny Minisitera mpiahy ny sehatry ny Harena an-kibon'ny Tany ary ireo mpisehatra isan-karazany.

Araka izany, toy izao no fanapahan-kevitra ny Vaomieran'ny Harena Stratejika:

Andininy faha-23: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)  
Andininy faha-31: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)  
Andininy faha-76: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)  
Andininy faha-211: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovanàna (jereo tovana)  
Andininy faha-283: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
Andininy faha-290: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)  
Andininy faha-320: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)  
Andininy faha-333: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)  
Toko faha-7 (vaovao): Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
Andininy faha-431 bis (vaovao): Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandania amin'ny ankapobeny tamin'ireo fanovàna nentin'ny Antenimierandoholona ny Vaomieran'ny Harena Stratejika.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, lany tamin'ny endriny nasiam-panovàna ireo andininy maromaro voarakitra ao amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2023 tamin'ny 12 Aprily 2023 “portant refonte du code minier” izay nitondran'ny Antenimierandoholona fanovàna, ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Corele® PDF FUSION™

VERSION SENAT	VERSION AMENDEE PAR LA COMMISSION DES RESSOURCES STRATEGIQUES
<p>Article 23 : Tout groupement peut demander une Autorisation Minière d'Exploitation Artisanale <u>de quatre (04) carrés miniers au maximum</u></p>	<p>Article 23 : Tout groupement peut demander une Autorisation Minière d'Exploitation Artisanale et a droit <b>au maximum de quatre (04) carrés</b> miniers.</p>
<p>Article 31 : Une AMEA est octroyée par Décision du Ministre chargé des Mines, sur proposition <u>d'un Comité local présidé par le Chef de District du Lieu d'exploitation</u>, ou de la Centrale de l'Or de Madagascar selon le cas.</p> <p><u>Les membres de ce Comité local sont nommés par décision du Ministre chargé des Mines.</u></p>	<p>Article 31 : Une AMEA est octroyée par Décision du Ministre chargé des Mines, sur proposition de la Direction Centrale, Régionale ou Interrégionale en charge des Mines, ou de la Centrale de l'Or de Madagascar selon le cas.</p>
<p>Article 76 : Le Permis minier <u>est</u> octroyé par Arrêté du Ministre chargé des Mines :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-Soit, à L'issue d'une demande déposée auprès du BCMM :</li> <li>-Soit par mise à concours prévu aux dispositions des articles 136 à 140 du présent Code.</li> </ul>	<p>Article 76 : Le Permis minier <b>peut être</b> octroyé par Arrêté du Ministre chargé des Mines :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-Soit, à L'issue d'une demande déposée auprès du BCMM :</li> <li>-Soit par mise à concours prévu aux dispositions des articles 136 à 140 du présent Code.</li> </ul>
<p>Article 211 : A l'exception des ventes à l'occasion des foires et salons internationaux, toutes transactions entre l'exportateur et son client sur la vente à l'exportation d'or, <u>doivent se faire par remise documentaire ou lettre de crédit.</u></p> <p><u>Aucune transaction sous forme de remise libre n'est autorisée.</u></p> <p>Le prochain envoi est conditionné par un rapatriement intégral du montant correspondant de la précédente facture domiciliée</p>	<p>Article 211 : A l'exception des ventes à l'occasion des foires et salons internationaux, toutes transaction entre l'exportateur et son client sur la vente à l'exportation d'or, doivent se faire par <b>remise libre d'un minimum de 30% d'acompte et dont le solde s'en suit sans excéder un (01) mois après la date de la lettre de transport aérien (LTA) ou le connaissance maritime.</b></p> <p><b>Chaque envoi ne peut excéder vingt-cinq (25kg) kilogrammes.</b></p> <p>Le prochain envoi est conditionné par un rapatriement intégral du montant correspondant de la précédente facture domiciliée</p>

<p>Article 290 : Les recettes de la ristourne minière sont réparties entre les budgets respectifs de la ou les Commune(s) de la ou les Région(s), de la ou les Province(s) concernée(s) et au Fonds National de Péréquation</p> <p>La répartition se fait comme suit :</p> <p>-10% pour le Fonds national de péréquation ; -90% pour les CTD dont :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>○ 60% pour la ou les Communes concernées et pour la ou les Communes impactées par le projet (exploitation, transport, traitement, environnement sans être exhaustif), dont les répartitions sont fixées par voie réglementaire.</li> <li>○ 30% aux Régions</li> <li>○ 10% pour les provinces</li> </ul>	<p>Article 290 : Les recettes de la ristourne minière sont réparties entre les budgets respectifs de la ou les Commune(s), de la ou les Région(s), de la ou les Province(s) concernée(s) et Fonds National de Péréquation</p> <p><b>La ristourne minière est retenue à la Source, immédiatement au niveau des CTD concernées.</b></p> <p>La répartition se fait comme suit :</p> <p>-10% pour le Fonds national de péréquation ; -90% pour les CTD dont :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>○ 60% pour la ou les Communes concernées et projet (exploitation, transport, traitement, environnement sans être exhaustif), dont les répartitions sont fixées par voie réglementaire.</li> <li>○ 30% aux Régions</li> <li>○ 10% pour les provinces</li> </ul>
<p>Article 320 : L'acheteur revendeur de produit minier concerné a l'obligation de tenir les registres et documents prescrits pour l'exercice du commerce des produits de mines</p>	<p>Article 320 : L'acheteur revendeur de produit minier concerné a l'obligation de tenir les registres et documents prescrits pour l'exercice du commerce local <b>et/ ou international</b> des produits de mines</p>

Article 333 : A l'exception des ventes des produits des mines lors des foires et salons internationaux, toutes transactions entre l'exportateur et son client sur la vente à l'exportation des produits des mines, doivent se faire par remise documentaire ou lettre de crédit.

Aucune transaction sous forme de remise libre n'est autorisée.

Article 333 : A l'exception des ventes des produits des mines lors des foires et salons internationaux, toutes transactions entre l'exportateur et son client sur la vente à l'exportation des produits des mines, doivent se faire par **remise libre d'un minimum de 30% d'acompte et dont le solde s'en suit dans un délai conforme à la législation en vigueur en matière de change.**

Corel® PDF FUSION™



## ARTICLES EN PROVENANCE DU SENAT ADOPTES PAR LA COMMISSION DES RESSOURCES STRATEGIQUES

VERSION ASSEMBLEE NATIONALE	VERSION SENAT
<p>Article 283. Il est <u>effectué</u>, au profit de l'Etat, de ses démembrements sectoriels et des CTD, une <u>perception</u> unique, dénommée Droits et Taxes Spéciaux sur les Produits Miniers (DTSPM), d'un taux de 5% de la valeur des produits des Mines à l'exportation.</p> <p>Lesdits Droits et taxes spéciaux sont composés d'une ristourne minière d'un taux de <u>2%</u> au profit des CTD et d'une redevance minière d'un taux de <u>3%</u> au profit de l'Etat et de ses démembrements sectoriels.</p> <p>Il est rappelé que les entreprises minières régis par le présent Code sont soumises au régime du droit commun prévu par le Code <u>des impôts et le Code des procédures fiscales.</u></p>	<p>Article 283. Il est <b>perçu</b>, au profit de l'Etat, de ses démembrements sectoriels et des CTD, une <b>taxe</b> unique, dénommée Droits et Taxes Spéciaux sur les Produits Miniers (DTSPM), d'un taux de 5% de la valeur des produits des Mines à l'exportation.</p> <p>Lesdits Droits et taxes spéciaux sont composés d'une ristourne minière d'un taux de 2% au profit des CTD et d'une redevance minière d'un taux de 3% au profit de l'Etat et de ses démembrements sectoriels.</p> <p>Il est rappelé que les entreprises minières régis par le présent Code sont soumises au régime du droit commun prévu par le Code des impôts et le Code des procédures fiscales.</p>
	<p><b>CHAPITRE VII (nouveau)</b>  <b>DE LA PART DES RISTOURNES MINIERES POUR LES PROVINCES</b></p> <p><b>Article 431 bis (nouveau)</b> En attendant la mise en place effective des Provinces, un décret pris en Conseil des Ministres fixera l'affectation de la part des recettes de la ristourne minière qui leur revient.</p>

Taorian'izay, nisaotra ny mpamaky ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Rehefa izany, nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nambaran-dRamatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, ao amin'ny andininy faha-283, andalana faha-3, fa tokony hampiana "e", ny teny amin'ny hoe: "ristourne minier". "Ristourne minière" no izy fa tsy "ristourne minier".

Taorian'izay, nitondra fanamarihana Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrainy Olivier, Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika. Nambarany fa efa tonga mialohan'ny fotoana ny teknisiana solotenan'ny Governemanta niara-nivory tamin'ny vaomiera, ka tokony mba hohamarina tsara ny fahatongavan'izy ireo.

Rehefa izany, niangavy an'Andriamatoa Minisitry, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, mba hitondra fanazavana mikasika ireo fanitsiana sy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona. Nambaran'Andriamatoa Minisitry, fa miisa 9 ny andininy nasian'ny Antenimierandoholona fanitsiana sy fanovàna tamin'ity volavolan-dalàna ity.

Ny mikasika ny fanampiny ao amin'ny andininy faha-431 bis (vaovao) kosa, halefa any amin'ny Faritany ny "ristourne" mandrapiandry ny fametrahana an'io rafitra io. Izany hoe, ny Filankevitry ny Minisitry no mandray didim-panjakana mamaritra ny "ristourne minière" halefa any amin'ny Faritany amin'izay fotoana izay.

Raha ny andininy faha-23 kosa ny fomba fanoratana azy no novaina fa tsy nisy zavatra nasisika na nesorina. Izany hoe lasa toy izao: "au maximum quatre carrés miniers" fa tsy «quatre carrés miniers au maximum».

Mikasika ny andininy faha-76 indray, "être octroyé" no avy taty amin'ny Antenimierampirenena, fa lasa "est octroyé" kosa no nanaovan'ny Antenimierandoholona azy.

Ho an'ny andininy faha-283 kosa, ny «il est effectué au profit de l'Etat» hoy ny Antenimierampirenena, novain'ny Antenimierandoholona hoe: «il est perçu au profit de l'Etat». Raha ny tena izy, tsy dia marina loatra ny voalazan'ny Antenimierandoholona.

Ao amin'ny andininy faha-320, mikasika ny hoe: «exercice du commerce des produits de mines», lasa hoe: «exercice du commerce local et/ou international des produits des mines».

Momba ny andininy faha-31 amin'ny fahazoan-dàlana omena ny mpitrandraka madinika eny ifotony, miahiahy izy ireo sao hiteraka sakana amin'ny «perception» eny anivon'ny Talem-paritra ny fanomezana izany. Hojerena amin'ny didy fampiharana ny mikasika izay mba hialana amin'ny ahiahy misy amin'izy ireo.

Mikasika ny «décision d'exploitation minière et artisanale» dia ny Minisitry no manome izany, fa ny Lehiben'ny Distrika, ny Solombavambahoaka ary ny Ben'ny Tanàna no manolotra sosokevitra mba hisorohana ny fanararaotam-pahefana mety hataon'ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany.

Momba ny andininy faha-31 kosa, mety ho sakana eny anivon'ny Talem-paritra no tsy ahafahan'ny vondrona any ifotony mahazo fahazoan-dàlana. Izany no antony ananganana ny komity solotenan'ny Distrika sy any amin'ny Kaominina mba hisian'ny arofanina amin'ny zavatra mety hiseho.

Ny andininy faha-290, mikasika ny «ristourne» eny amin'ny "Collectivités Territoriales Décentralisées" kosa, tokony hisy "laissez-passez" izany vao azo ampidirina any amin'ny vondrom-bahoaka intsinjaram-pahefana. Tokony handalo "perception" ihany koa ny "ristourne" vao aloa any amin'ny "Collectivités Territoriales Décentralisées". Izay no antony nanaovan'ny Antenimierandoholona fanovàna mba hisian'ny mangarahara amin'ny fitantanana eny anivon'ny Kaominina sy hiarovana koa ny Ben'ny Tanàna amin'ny asany.

Fanampin'izay, tokony ho voafaritra mazava ny toerana hametrahana ny "perception" eny anivon'ny Faritra sy Distrika ary ny Kaominina ary ny "décision Ministerielle" no mametra izany.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny fanazavana nentiny ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra isan'andininy ny mpivory.

Nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka, taorian'izay.

Rehefa nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore, nambarany fa mazava ny voalazan'ny andininy faha-31 fa tokony hotohizana hoe: «après avis du comité local».

Mikasika ny andininy faha-23, amin'ny resaka «perception», tokony hamafisina ny fahaizama-nao eo anivon'ny vondrom-bahoaka intsinjaram-pahefana mba ahafahany mitantana ny hetra azony avy amin'ny harena ankibon'ny tany satria miteraka olana ny tsy fiverenan'ny vola eny anivon'izany rafitra izany.

Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges kosa nanamarika fa miainga avy eny ifotony ny vokatra azo amin'ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny tany. Ny olana anefa, mivantana any amin'ny Governoran'ny Faritra ny vola azo avy amin'izany. Noho izany, tokony haverina any amin'ny Kaominina ny vola mba hahafahan'izy ireo mandroso satria miteraka fahantrana ho azy ny tsy fidiran'ny hetra ao aminy.

Nanambara Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny, fa tsy tokony hidiran'ny resaka politika ity volavolan-dalàna ity, fa fampandrosoana ny firenena no atao.

Mbola tsy voafehy ihany koa ny fandriampahalemana eny ambanivohitra, ka izay no mety nahatonga ny Antenimierandoholona nilaza fa any amin'ny "perception" no ametrana ny vola mba tsy hisian'ny fatahoran'ny Ben'ny Tanàna hitazona izany.

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, kosa nanambara fa natao hitoetra maharitra ny lalàna tahaka izao satria etsy andaniny hahazo tombontsoa avokoa ny Kaominina niavian'ny harena ankibon'ny tany. Ankilany, hahazo ny anjarany ihany koa ny "Collectivité Territoriale Décentralisée" ka hivoatra sy handroso ny firenena raha tsara tantana ny vola miditra amin'izy ireo.

Mba hisian'ny fampandrosoana tena izy, tokony hamafisina ny fahaizama-nao ny Ben'ny Tanàna araka ny voalazan'ny namana teo aloha ary ilana ny fanampian'ireo fiaraha-monim-

pirenena nanaovana fakan-kevitra koa izany. Izay no vahaolana mahomby raha te-handroso isika amin'ny fisitrahana ny vokatry azo avy amin'ny harena ankibon'ny tany.

Nanambara Andriamatoa DINAH Romual, fa efa Ben'ny Tanàna ny tenany teo aloha ary hatramin'izao arotsaka any amin'ny banky avokoa ny volan'ny Kaominina. Izany hoe, nanomboka ny taona 2010 hatramin'ny taona 2020, mbola tsy tafaverina any amin'ny Kaominina ny "ristourne". Noho izany, tokony harotsaka any amin'ny Kaominina itrandrahana volamena ny vola azo avy amin'izay vokatry izay. Eo anatrehan'izany, tokony hotazonina ny "version"-n'ny Antenimierampirenena, fa izay no mahatsara zavatra.

Nanamarika Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, fa ity "code minier" ity no lafàna ela indrindra ny fanomanana azy.

Araka ny voalazan'ny namana teo, tokony hotazonina ny "version"-n'ny Antenimierampirenena satria mitsinjo ny tombontsoan'ny Faritra sy ny Kaominina ny zavatra noresahana tao.

Tsy mitombina hoy Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore araka ny nambarany ny filazana fa tsy afaka mandray fepetra amin'ny fiarovana ny volany ny Kaominina raha ny "ristourne" miditra ao aminy no resahana ary tsy vahaolana koa ny fanafanana io "ristourne" io eo anivon'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Noho izany, araka ny voalaza tany aloha, ny fanamafisana ny traikefa sy ny fahaiza-manaon'ny Ben'ny Tanàna no tokony hatao.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, nambarany fa tokony hiroso amin'ny tsangan-tàna ny mpivory, ka na ny nataon'ny Antenimierampirenena no handraisana fanapahan-kevitra na ny an'ny Antenimierandoholona.

Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José kosa nanambara fa aleo ny "version"-n'ny Antenimierampirenena no holaniana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Andriamatoa PEPIN MICHOU indray nilaza fa ny hevitra ny Antenimierandoholona no tokony holaniana.

Nanamafy ny voalazan'ny namany teo aloha, Andriamatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène, fa maharitra tokoa vao miverina amin'ny Kaominina niavian'ny harena ankibon'ny tany ny "ristourne" tokony ho azy. Fanampin'izay, raha mihoatra ny 300 000 Ariary ny vola azo avy amin'izany, aleo arotsaka any amin'ny banky izany mba hisorohana ny tahotry ny Ben'ny Tanàna sy ny fanodikondinam-bola mety hitranga.

Nambaran'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, fa samy misy "ristourne" avokoa na vary na ny katsaka, fa ny tena goavana dia ny harena ankibon'ny tany. Noho izany, miteraka olana ny fahatongavan'ireo "opérateurs" handoa vola any amin'ny Kaominina satria betsaka ny Kaominina lavitra andriana.

Fanampin'izay, tokony havondrona eny anivon'ny Faritra ny "perception" rehetra hialana amin'ny fanodikondinana vola. Noho izany, aleo ny fanovàna avy amin'ny "Sénat" no holaniana, fa ny "répartition" no avela hotazonin'ny Ben'ny Tanàna sy "Bureau du Cadastre Minier de Madagascar" na ny BCMM.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth dia nanambara fa misy adihevitra maromaro tokony hatao araka ny hafatry ny Vondrona Parlemantera IRD, ka aleo misintona kely ny fivoriana.

Nanao satroka RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniana ary nanambara fa tokony hijoro amin'ny fahamarinana ny Solombavambahoaka manoloana ity volavolan-dalàna ity.

Nanao satroka ihany koa Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore, nambarany fa tombontsoan'ny vahoaka no jerena amin'ity volavolan-dalàna ity ary nomarihany koa fa anisan'ny manana ny harena ankibon'ny tany ny Distrika nahalany azy ka tokony hojerena ny momba izany.

Satroka hatrany no nataon'Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges ary nanamarika koa fa tena niady ho an'ny vahoaka, Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fanatanterahana izao volavolan-dalàna izao, ka mendrika hotohanana izy.

Nanao satroka koa, Andriamatoa RAJAobelina Lova Herizo ary nambarany fa anisan'ny manana olana mikasika izay "ristourne" izay ny orinasa ao Ambatovy, ka tokony hojerena koa ny momba azy.

Nambarany koa fa manohana ny fisintonan'ny fivoriana nangatahan'ny Vondrona Parlemantera IRD ny tenany.

Tamin'ny satroka nanataony no nilazan'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa zon'ny Vondrona Parlemantera ny misitaka kely mba ahafahana mifampidinika tsara.

Nanao satroka hatrany, Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniana ary nanambara fa tsy azo sakanana ny fivoriana saingy afaka mivoaka izay tsy liana amin'izany satria misy tokoa ny «consigne de parti».

Nohamafisin'Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philibert, fa zon'ny Vondrona Parlemantera ny mangataka "suspension de séance". Noho izany, mahazo mivoaka ny Solombavambahoaka fa tsy misakana ny fivoriana tsy hitohy izany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tokony hiroso amin'ny tsangan-tànana raha haato aloha ny fivoriana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 16 no nanaiky ny fisintonan'ny fivoriana.

Solombavambahoaka miisa 7 no nanaiky ny fitohizan'ny fivoriana.

Rehefa izany, nametra-panontaniana ny tenany mikasika ny fe-potoana haharetan'ny fisintonan'ny fivoriana.

Nanao satroka Andriamatoa NASIRA Julien ary nanambara fa 10 minitra no faharetan'ny fisintonan'ny fivoriana.

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, kosa 30 minitra no nambarany tamin'ny satroka nataony.

Nanambara Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, fa ireo Solombavambahoaka nangataka fisintonana ireo dia tsy nanatrika asam-baomiera ka rehefa handray fanapahan-kevitra vao mahita zavatra hatao. Fandrehibena ny hafa no ataon'izy ireo, ka eo antrehan'izay, tokony mba hanana ny "personnalité"-ny ihany ny Solombavambahoaka.

Nanao satroka Andriamatoa DARKHOUÏ Siritis, tokony atao tsangan-tànana ny fanapahan-kevitra.

Satroka koa no nataon'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, ka 15 minitra no fe-potoana nangatahany hisintonan'ny fivoriana.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny tsangan-tànana mikasika ny fe-potoana naroson'ireo Solombavambahoaka hoe: 15 na 30 minitra ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 7 no nandany ny fe-potoana 15 minitra; Solombavambahoaka miisa 15 kosa no nandany ny fe-potoana 30 minitra.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fe-potoana 30 minitra hisintonan'ny fivoriana.

Niato tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Nitohy tamin'ny 2 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle hatrany no nitarika izany.

Rehefa avy namerina ny fiarahabana ny mpivory ny tenany dia niangavy an'Andriamatoa Minisitry mba hitondra fanazavana mikasika ireo fanontaniana vitsivitsy sy ireo fanamarihana nataon'ireo Solombavambahoaka talohan'ny niatoan'ny fivoriana.

Toy izao no fanazavana fohy nataon'Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrainy Olivier, Minisitry ny Harena Ankibon ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika:

Tany amin'ny asam-baomiera, ny andininy faha-290 no tena niompanan'ny adihevitra mikasika ny tsy maintsy anaovana "versement" any amin'ny "administration minière". Mbola izy ihany ity entina eto amin'ny fivoriambe ity mba hiadiana hevitra indray.

Marihana koa fa manana "valeur internationale" ny "produits miniers" eto amintsika ary miankina amin'izay no itondrana ny "ordre de versement" mankany amin'ny "perception". Tsara kokoa raha io "valeur internationale" io no ifotorana mialoha ahafahana manondrana ny vokatra izay vao mankany amin'ny "valeur locale" amin'ny fanaovana "ordre de versement" isika.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fanampim-panazavana nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara, fa niroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy izay tsy nampitovy hevitra ny Antenimiera roa tonta ny mpivory.

Mikasika ny andininy faha-23, nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore, nambarany fa mazava ny dikan-teny nataon'ny Antenimierandoholona hoe: "au maximum 4 carrés miniers" ka tokony hotazonina.

Andininy faha-23: nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany ny dikan-teny nataon'ny Antenimierandoholona; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-23 nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Momba ny andininy faha-31, nambaran-dRamatoa JOHASY Raharisoa Eléonore hatrany raha nomena fitenenana izy, fa tsy mety raha ny Lehiben'ny Distrika no manao "perception". Noho izany, tokony hampiana hoe: "après avis du Comité local" io andininy io satria nolavin'ny asam-baomiera ny sosokevitry ny Antenimierandoholona.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy ny Lehiben'ny Distrika no manome sosokevitra, fa mitarika ny Komity sy manampy ireo olona eny anivon'ny Distrika no ataony.

Nanao satroka, Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore, nambarany fa azo raisina ve sa tsia ny sosokevitra natolony teo.

Namaly hatrany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa araka ny tatitra novakiana teo, nitondra fanovàna ny Antenimierandoholona, ka izany no tokony hiadiana hevitra.

Andininy faha-31: nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 24; tsy nisy ny nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-31 nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andininy faha-76: nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-76 nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andininy faha-211, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-211 nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andininy faha-283, tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-283, tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-290, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-290, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andininy faha-320, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-320, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andininy faha-333, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-333, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Toko faha-7, (vaovao), tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Toko faha-7, tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-431 "bis nouveau", tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-431 "bis nouveau", tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ny Volavolan-dalàna ny mpivory.



Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty Mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2023 tamin'ny 12 Aprily 2023 "portant refonte du code minier".

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrainy Olivier, Ministry ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, ka fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana fanindroany ny volavolan-dalàna izay nitondran'ny Antenimierandoholona fanovàna tamin'ireo andininy nahitana izany no teny nataony.

Nampanantena koa ny tenany, fa hatao izay hirosoana amin'ny Didy fampiharana aorian'izao, mba hahafahana mampihatra haingana ny lalàna ka ho afaka misitraka izay tandrify azy ny rehetra voakasik'izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hisy ny fihaonan'ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana hatao ao amin'ny Efitranon'ny Birao Maharitra izay hotarihan'ny Filohany.

Niato tamin'ny 2 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona